# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Jona 2018

**19** **Talata**
jona

**Fa izay tany mifoka ny ranonorana milatsaka aminy matetika, ka maniry anana tsara ho an'ny olona iasana azy, dia mahazo fitahiana avy amin'Andriamanitra.** Hebreo 6. 7

**Aoka isika hatahotra an'i Jehovah Andriamanitsika, Izay mandatsaka ranonorana ... amin'ny fotoanany avy.** Jeremia 5. 24

**Ranonorana sy masoandro**

Ny hoe miresaka momba ny ranonorana sy ny andro tsara dia toa miresaka zavatra tsy misy dikany. Lohahevitra lehibe anefa izany, ho an'ireo izay miankina tanteraka amin'ny voary ny loharanom-pivelomany. Nefa ny fandrosoana ankehitriny dia mampanalavitra ny ankamaroantsika amin'izany resaka toetrandro izany.

Manonofinofy isika, mihevitra fa mahafehy ny zava-drehetra. Tsy haintsika fehezina na oviana na oviana anefa ny ranonorana, ny rivotra, ny rahona ary ny masoandro. Ny andro ratsy, ny orana, ny rivodoza dia miteraka fahavoazana lehibe, na zava-doza mihitsy aza. Mampahatsiahy antsika izany fa marefo sy tsy manana hery isika. Mila mahatsapa isika fa zavaboary miankina amin'Adriamanitra. Izy no Mpahary ny lanitra sy ny tany. Tsara fo amin'ny zavaboariny Izy, ka „mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina" (Matio 5. 45). Miankina amin'ireo ny sakafontsika rehetra.

Sarihina ny saintsika handray ny andraikitra maha mpampiasa ny tontolo iainana antsika. Nefa ve manao izany isika, raha manadino ny tompon'ny tontolo iainana ? Na misy lanjany aza ny asa ataontsika, ahoana no iheverana mpanao asa tanana manadino tsy mandoa izay tokony haloany amin'ny mpanome azy ny akora na angovo nilainy ?

Tsara fo Andriamanitra ary manome, kanefa manevateva Azy isika raha tsy mankasitraka. Ary ny nomeny dia lehibe lavitra noho ny ranonorana amin'ny fotoana ilàna izany. „Nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay" (Jaona 3. 16). Aoka àry isika tsy hanao tsinontsinona io fanomezana tsy manam-paharoa io.